# Mbola tsy feno ny fepetra hanaovana fifidianana 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 30 jona 2018 Laharana 782 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Jeremia 23: 5-6** 5

## Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao

**Fifidianana Filohampirenena** 2

# 7 novambra : 1er tour
# 19 desambra : 2ème tour



**Mpivady tsy nifanambina** 6

# Lasa mpananan-karena tampoka




**MGR DESIRÉ TSARAHAZANA** 2

## Tafapetraka ho Kardinaly vaovaon'i Madagasikara tany Vatican



**Fitaterana** 2

## Mbola mandrahona hitokona 72 ora ny mpitatitra

**Minisitry ny fanabeazana** 6

## Tsy mahavaha olana, mila hesorina haingana

**Delegen'ny Tsena Anosibe** 2

## Nizara fanomezana ho an'ireo sahirana

**Daka kely**

Mbola afaka mirôzirôzy farany izany nareo mi-tsam Raforce a !

**Mondial 2018** 4

## Miditra amin'ny 1/8-dalana



FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA

# 7 novambra : 1er « tour », 19 desambra : 2ème « tour »

Nivoaka tamin'ny filan-kevitry ny governemanta notarihan'ny Praiministra Ntsay Christian omaly teny amin'ny Lapampanjakan'i Mahazoarivo, ny datim-pifidianana filoham-pirenena hatao eto amintsika amin'ity taona ity. Ny fifidianana fihodinana voalohany na ny 1er tour dia ho tanterahana ny alarobia 7 novambra 2018 ho avy izao, ny fifidianana filohampirenena fihodinana faha-2 kosa n any 2eme tour dia hatao ny alarobia 19 desambra 2018. Nambaran'ny Praiministra Ntsay Christian nandritra izany fa efa neken'



*Ny Praiministra Ntsay Christian.*

ny Perlemanta eto amintsika dia ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena ny Programan'asa ankapoben'ny fitondcram-panjakana na ny PGE ny alakamisy lasa teo, ka tsy misy tokony tsy hamoahana ny datim-pifidianana intsony hoy izy, ka dia izao navoakan'ny gover,emanta izao izany datim-pifidianana izany, izay efa nandrasan'ny mpanjao politika sasany. Ny mpanao politika hafa kosa momba io fifidianana io dia mbola mametraka fepetra mba tsy hisian'ny halabato : toy izany ny fanamboarana ireo mpikambana ao amin'ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny fifidianana izany, misy milaza koa fa mbola tokony hiova avokoa ireo solontenam-panjakana any rehetra any toy ny lehiben'ny distrika, ny lehiben'ny faritra, sns... ny hafa koa dia milaza fa tokony hovana koa ireo mpikambana ao amin'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny lalampanorenana, izay mitanila satria tsy nanala ny filoha tamin'ny toerany, nefa nahatsapa izy ireo fa diso ny Filohampirenena Hery Rajaonarimampianina tamin'ny fanitsakitsahany ny lalampanorenana. Dia ho hita eo na hitondra fitoniana ny fanambarana izao fatim-pifidianana izao, na vao mainka hampakatra ny maripana politika eto amintsika.

***Isambilo***

Mgr Desiré Tsarahazana

# Tafapetraka ho Kardinaly vaovaon'i Madagasikara tany Vatican

Tafapetraka amin'ny maha-Kardinaly vaovaon'i Madagasikara azy tany Vatican, tany Rome Renivohitr'i Italie omaly i Mgr Desiré Tsarahazana, izay Arsevekan'i Toamasina. Tamin'ny alalan'ny lamesa lehibe tany Vatican no nametrahana azy tamin'ny fomba ofisialy, niaraka tamin'ny Kardinaly 13 hafa avy amin'ny firenena samihafa eto amin' izao tontolo izao, nitarika izany lanonana ara-pinoana izany ny Papa Ray Masina François, filohan'ny Eglizy Katolika Apostolika Romana eran-tany. Natolotra azy tamin'izany koa ireo fi-



*Ny Kardinaly Malagasy vaovao, Desiré Tsarahazana (ankavia).*

taovana mariky ny maha-Kardinaly azy izay, izay solontena mivantan'ny Papa Ray Masina sy ny Fiketrahana Masina eto Madagasikara. Izy arak'izany no Kardinaly faha-4 teto amintsika, tao aorian'ny Kardinaly Jérôme Rakotomalala, ny Kardinaly Victor Razafimahatratra ary ny Kardinaly Armand Gaëtan Razafindratandra. Hisy ny fitsenana manetriketrika ity Ray amandreny ambony amin'ny fiangonana Ekar ity amin'ny fiverenany antanindrazana. Niatrika ny fametrahana azy tany Vatican, misy ny folbentoeran'ny Ekar erantany, ny Filoham-pirenena Hery Rajaonarimampianina mivady, izay manararaotra faramparany amin'ny fivoahana any ivelany, satria raha hirotsaka hofidiana ihany ity filoha Malagasy efa tokony ho nampiatoana tamin'ny asany ity dia tokony hametra-pialana fara-fahatarany ny 7 septambra 2018 ho avy izao.

***Isambilo***

Liva, KMFB

# Ny fitondrana Frantsay no fahavalon'i Madagasikara

Eo anatrehan'izao savorovoro sy korontana ataon'ny mpitondra fanjakana Malagasy ankehitriny izao hoy i Liva KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka), dia maro ireo olom-pirenena malagasy no manome tsiny avy hatrany ireo mpanao pôlitika ho tompon'andraikitra amin' izany. Ny tena marina anefa dia ny tsy fahampian'ny fahalalana no mahatonga izany. Noho izany dia anisan'ny adidin'ny mpanao pôlitika ihany koa no mitaiza sy manome fahalalana azy ireo hoy izy, mba hahafahany misafidy sy manapa-kevitra amin'izay andraikitra tokony ho raisiny eo amin'ny toe-draharaham-pireneny. Tsy misy vahoaka te-hikorontana sy hisavorovoro fotsiny izany raha ny toejava-nisy teto Madagasikara hatramin'izay sy ankehitriny manokana no resahana, fa nisy ny antony. Ho an'Andriama-



*I Liva avy amin'ny KMFB.*

toa Liva, dia ny Frantsay sy ny fanjanahantany napetrany amam-polo taona hatramin'izay sy izay mbola tiany hiorimpaka eto Madagasikara no anton'izao korontana rehetra izao. Efa tena lalim-paka tokoa izany fanjanahana frantsay izany ka tena mananosarotra tokoa ny miady aminy. Tsy mivantana intsony mantsy io fanjanahana io ankehitriny fa an-kolaka. Tsy ny frantsay intsony no manjanaka mivantana eto fa ireo tera-tany malagasy mitovy amin'ny tena ihany no ampiasainy amin' izany. Mamolavola mpanao pôlitika marobe izy hitondra fanjakana, ka isaky ny misy tolom-panafahana toy ny tolon'ny fanovana tahaka izao, dia mampiasa ireo olony ireo foana izy ho sakana sy hiaro ny tombontsoany. Isika samy malagasy ihany no ampiadiany eto. Isaky ny misy ihany koa fotoana hifidianana olona ho filoham-pirenena, dia mampiasa ny olony izy. Manana kandida maro izy amin'izany, ary tena matanjaka tokoa ireo, noho ny antony ara-bola. Diniho tsara ny toe-javamisy atrehan-tsika eto ankehitriny. Iza avy ireo kandida maika ny hanao fifidianana ao anatin'ny tsy fahamarinana ireo. Antsika no mamaly azy. Ho an'Andriamatoa Liva filohan'ny KMFB, rehefa fantatry ny malagasy marina tokoa ireo antony ireo, dia fantany ihany koa ny antom-pisiany ho an'ny tanindrazany sy izay andraikitra tokony ho raisiny, satria na maro aza ireo bolokim-bazaha mpivarotra tanindrazana ireo, dia mbola maro lavitra noho ireo ihany koa ireo malagasy sy ny taranany tia tanindrazana tsy manaiky intsony izany fanjanahana frantsay izany, ary vonona hitolona sy hiady ho an'ny tanindrazany hatramin'ny farany.

***Nangonin'i Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mbola mandrahona hitokona 72 ora ny mpitatitra

Azo lazaina fa nahomby ny fitokonana fanairana nataon'ny mpitatitra nandritra ny 1 andro teto andrenivohitra tamin'ity herinandro ity. Tena sahirana kosa anefa ny mpanjifa tamin'iny hetsika nataon'izy ireo iny satria tsy vitsy no nandeha an-tongotra an-kilometatra maromaro nandeha namonjy asa, na nandeha nianatra ihany koa. May volo-tratra ny fitondram-panjakana noho iny fitokonana fanairana nataon'ireo taxi-be mivondrona ao amin'ny UCTU sy ny UCTS iny ka nilaza fa efa vonona hono ny vola fanampiana na subvention omena ireo mpitatitra, fa mila manaraka ny bokin'andraikitra na ny cahier de charge ireo mpitatitra ireo. Mbola tsy tena mivaha tanteraka izany olana izany hatreto satria izao indray dia mbola mandrahona hitokona mandritra ny 72 ora na 3 andro ireo mpitatitra eto an-drenivohitra, raha tsy mivaly amin'ny antsipiriany ny fangatahan'izy ireo. Ny dikan'izany dia mbola manjavozavo ny fampanantenan'ny mpitondra fa mbola mitohy ihany ny fampiesonana satria tsy hampitandrina intsony ireo mpitatitra raha efa tena mivaha ny olana. Hatreto dia mitombina ny fanamarihan'ny maro fa fitondram-panjakana tsy mahavaha olana ny governemantan'ny Praiministra Ntsay Christian, ny ministra tompon'andraikitry ny fitaterana rahateo dia anisan'ireo ministra HVM tsy tokony hiverina ao anatin'io fitondram-panjakana io intsony, raha tena ampiharina ny didy navoakan'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorena tamin'ny 25 mey lasa teo. Tsy maintsy hipoaka ihany ny sarom-bilany raha izao satria ny sehatra hafa dia tsy maintsy hanamafy ny fitakiany koa toy ny mpanabe, satria tsy ny mpitatitra ihany no manana olana eto amintsika noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra tarihan'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina.

***Isambilo***

Fikambanan'ny Delegen'ny Tsena Anosibe

# Nizara fanomezana ho an'ireo sahirana

Noho ny fahatongavan'ny Asaramanitra 26 jona, faha- 58 taona nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena dia nisy ny hetsika nataon'ireo fikambanan'ny delegen'ny tsena ao Anosibe: FDTA tarihin'ny filohany, Raharison Jean de Dieu, ny alatsinainy 25 jona lasa teo. Tsy mihanona amin'ny fanadiovana sy ny lafiny fandriamapahalemana ao an-toerana ny fikambanana fa eo ihany koa ny fijeren' izy ireo ny lafiny sosialy. Araka izany fianakaviana miisa 250 miasa ao amin'ny tsenan'Anosibe sy ny manodidina no nozaraina vary mba hanamaivanana ny fahasahiranan'izy ireo, teo ihany koa ny nizarana killalao sy harendrina ho an'ireo ankizy 500. Izany no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasan'ny fikambanan'ny delegen'ny tsena Anosibe sy ny mpandraharaha ao an-toerana. Ankoatra izay, misy ny firaha-miasa matotra eo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihan'ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana sy ny fikambanan'ny delegen'ny tsena ao Anosibe, mba hanatsarana ny fomba fiasa amin'ny maha- tsena lehibe indrindra azy eto Antananarivo renivohitra, noho izany tsy mikely soroka ireto farany manatanteraka ny toromarika avy amin'ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana amin'ny resaka fanadiovana sy fandriampahalemana izay iandraketan'ny fikambanana.

***Helisoa***



*Ny hetsika nataon'ny FDTA tetsy Anosibe.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mbola tsy feno ny fepetra hanaovana fifidianana

Nanambara ny Praiminisitry ny marimaritra iraisana Ntsay Christian fa amin'ny 7 novambra no daty hanaovana ny fifidianana filohampirenena hitondra ny tany sy ny firenena indray. Maro no manontany tena amin'ireo olompirenena, fikambanana tsotra na mpanao politika hoe feno ve ny fepetra hanaovana io fifidianana mialohan'ny fotoana io ? matoky tena ve ny Praiminisitra fa handeha amin'ny tokony ho izy, ka ho eken'ny rehetra hitondra filaminana io fifidianana io ? voavaly ve ny fitakiana ataon'ny mpiasam-panjakàna maro ankehitriny, indrindra ny lafiny fampianarana mialohan'io daty io ? ahoana ny fandriampahalemana eto Madagasikara izay tena mampiteny ny moana ankehitriny ? ahoana ny CENI izay takian'ny antokon'olona maro ny hanoloana azy hatrany amin'ny farany ambany ka hatrany ambony ? Ny fantatra dia matoa ny olona iray aloha hirotsaka ho kandida dia vonona izy izay hiatrika ny fifidianana na ho ela io na ho haingana, saingy mampisalasala kosa ny hahavitan'ny fifidianana marina kendrena hatao ao anaty fitoniana raha ny zavamisy eto amin'ny firenena ankehitriny no alaina ambony sy alaina ambany. Dia ho hita eo fa ho tompon'andraikitra sy ho tsarain'ny tantara eo ny Praiminisitra Ntsay Christian raha toa ka tsy mandeha amin'izay laonina io fifidianana tadiaviny hatao ankahamehana io. Raha nanapaka io koa ve moa ny Praiminisitra dia mba nanontaniana ihany ny hevitry ny rehetra, sa baikon-dRajoelina nametraka azy teo amin'ny sezany no arahiny ? izay mihintsy no tena mampisalasala ny maro. Rajoelina Andry amin'izao fotoana izao dia ohatra ny soavaly tapa-kofehy mitety faritra miaraka amin'ny angidimby manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana. Hita amin'ireny diany ireny ny fampanantenana ho an'ireo vahoaka manatrika azy fa hanome asa ho an'ireo tanora, sns… Ka raha dinihana amin'izany rehetra izany dia tsy azo lavina fa ny fepetra ho an'ny Mapar no feno eto fa tsy ho an'ny mpifaninana aminy r'ingahy Praiminisitra o!

*Helisoa*

CRAM

## Avoahay koa ny datin'ny fifidianana depiote

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena ny CRAM na ny Cercle de Refléxion pour l'Avenir de Madagascar. Taorian'ny fanoloran'ny Praiminisitra Ntsay Christian ny PGE teo anoloan'ny Antenimiera roa tonta hoy ny fanambarana dia « ho fantatra tsy ho ela ny daty hanaovana ny fifidianana izay ho Filohan'ny Repoblika amin'ity taona 2018 ity ». « Efa vonona ny CENI » ary miandry izany daty izany fotsiny raha ny nambaran'ny Filoha lefitra iray. Raha ny marina dia tokony havoaka miaraka ny datin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika sy ny datin'ny fifidianana ireo solombavambahoaka satria : efa madiva hifarana ny fotoam-piasana nifidianan' ny olom-pirenena azy ireo araka ny voafaritra



*Ny filohan'ny Cram, Joel Harison Marie René.*

ny andininy 69 ao amin' ny Lalàmpanorenana. Tsy afaka hanendry izay ho Praiminisitra sady Lehiben'ny governemanta vaovao hasolo an'Andriamatoa Ntsay Christian ilay Filohan'ny Repoblika voafidim-bahoaka amin'ity taona 2018 ity raha tsy fantatra izay Antoko na Vondrona antoko maro an' isa eo, ao amin'ny Antenimierampirenena hanolotra izany Praiminisitra vaovao izany araka ny voalazan'ny andininy faha-54 ny Lalàmpanorenana. Afaka mivondrona ireo Antoko sy olom-pirenena isam-paritra mangetaheta ny « fanorenana ifotony sy ny fanarenana an'i Madagasikara », izay ambaran'ny sasany fa « tsy mahazaka vahoaka » hatreto, manolotra kandidà solombavambahoaka isaky ny distrika izy ireo. Raha resy lahatra marina ny olom-pirenena mpandatsam-bato isam-paritra amin'ny fitsinjarana ara-drariny ny harem-pirenena, ny fanovana ny rafitra, dia hanana ny maro an'isa eo anivon'ny Antenimierampirenena izy ireo. Amin' izay fotoana izay dia ao anatin'ny ara-dalàna ny famolavolana ireo rijanteny ho an'ny fanorenana ifotony sy ny fanarenana ny firenena eo anivon'ny Antenimierampirenena mba hirosoana amin'ny fitsapan-kevibahoaka (référendum) amin'ny taona 2019.

*Ny Valosoa*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Faly ny maro fa efa mandeha ny radio MBS

**Juliette Ranaivoarisoa** : Misaotra ny Tompo lehibe, faly ny maro fa efa mandeha ny radio MBS, handrasana koa ny TV ary tokony hosokafana koa ny AAA.

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy** : efa mahazo tsara zahay ary efa mihaino amzao ".

**Morel Rafidison** : izahay aty @ faritra te hanaraka @ internet fa mbola tsy azo.

**Herizo Ratsimbazafy** : Tapenao ao am google ny hoe Mbs online dia afaka mihaino enao.

**Mitafatafa Sy Dinika** : tena tsy mbola mahazo ny aty aminay Alarobia- Ivandry ; Alefaso ataovy matanjaka é !

**Sandratra Andrianjatovo** : sokafy malaky koa ny TV- MBS e !

**Mitafatafa Sy Dinika** : ataovy matanjaka fa voatsindrin'ny 95.2 Mhz foana ilay MBS alefaso é!

**Tambanivohitra Johan Leboy** : Nenay tsy mahazo fa hataovy matanjaka tsar any emetteur e!

**Herimanitra Andrianirina** : Fa somary lasa ratsy fahenoana azy, Antanimena za io.

**Papan'i Shanon Abby Axel** : Tokony hampidirina anaty bouquet canal mba ahitanay aty am sisiny eh!

**Danielson El** : tsy mahazo ny aty Ambohimanarina, izahay efa liana hihaino vaovao sy fandaharana hafa mihitsy ankoatra ireo efa misy.

**Herve Randrianantenaina** : ny tv MBS mba hampidiro amin'ireo mandeha satellite ireny e !

**Jeannot Randrianjanahary** : mankasitraka e ! ataovy ilay fandaharana tena tsara tsy mitovy amin'ny an'ny hafa ny anareo MBS e !

**Rado Rafalimanana Andriamanohisoa** : misy fotoana rehefa vaovao milatsaka ny feo.

Fetim-pirenena, Fort Dauphin

## Tsy hita na i Chabani Nourdine na i Guillaume Venance

Tsy fantatra marina ny antony tsy nanatrehan' ingahy ministra teo aloha Chabani Nourdine ny fetim-pirenena tao Faradofay, toy izany ihany koa ingahy ministra vao notendrena Guillaume Venance. Amin'ny fety toy ireny mantsy, andrasan'ny maro ireo heverina fa nanana na mbola manana ny toerany ao amin'ny fitondrana. Ny ministra Chabani dia nisitrika tany an-trano fonenany nandritra ny fetim-pirenena. Ingahy ministra Guillaume Venance mbola eto an-drenivohitra. Raha ampahatsiahivina, anisan'ny mbola tsikerain'ireo mpanao politika sy ireo mpanondrana bois de rose fatratra satria tamin'ny fotoana naha lehiben'ny faritra azy no nalaza ratsy ho tompon'antoka tamin'ny fanondranana bois de rose (bolabola) ny tenany dia ingahy Ministra vaovao misahana ny tontolo iainana avy amin'ny antoko MMM-n'i Hajo Andrianainarivelo. Fa na tany an-antoerana kosa aza ny depiote Jerry Hatrefindrazana, tsy tonga niatrika ny fety. Ity farany mpikambana ao amin'ny MAPAR ary mpitsikera mavaivay ny fitondran'ingahy Rajaonarimampianina.

*Mangarahara*

## NY TENY FIAINANA

***Matio 10:20***

*Fa tsy hianareo no miteny, fa ny Fanahin'ny Rainareo no miteny ao anatinareo.*

FETIM-PIRENENA AMERIKANA

## Nankalazaina omaly ny 4 jolay

Nankalazaina omaly ny fetim-pirenena Amerikana, Independence Day, 4 jolay, ho antsika teto Madagasikara. Nitarika ny lanonana tamin'izany ny Mpiandraiki-draharaha Amerikana eto amintsika, Stuart Wilson, nisolotena ny fitondram-panjakana Malagasy ny ministry ny fiarovampirenena, ny jeneraly Rasolofonirina Béni Xavier. Nambaran'ny Mpiandraiki-draharaha Amerikna tamin'izany fa rehefa tonga na manakaiky toy izao ny datin'ny 4 Jolay dia mifanatona izahay Amerikana, na aiza na aiza misy anay, hankalaza ny fahaleovantenanay sy ny nahaterahan'ny firenenay. Amin'io daty io ihany koa no ankalazana any amin'ireo masoivoho Amerikana rehetra maneran-tany ny fifampiankinanay amin'ireo rehetra mitovy hevitra amin'ireo soatoavina ahindrahindra anatin'ny Lalàmpanorenanay sy ilay Fanambarana ny Fahaleovan-tenanay, ary ireo indrindra no tompon'ny tsingerin-taona ankalazantsika androany hoy izy. Ho antsika eto Antananarivo, dia araraotintsika izao andro izao hahatsiarovana ireo dingana vitantsika niaraka tamin'ireo tompon' andraikitra Malagasy, ka ahitana taratra an'ireo soatoavina itoviantsika ireo, dia ny hoe : Ny olombelona rehetra dia noforonina hanana "zò tsy azo esorina aminy, ka anisan'izany ny fiainana, ny fahafahana ary ny fikatsahana ny hasambarana;" sy ny hoe ny fitondrana ara-dalàna dia izay "mandray ny fahefany avy amin'ny fankatoavan'ny vahoaka tarihiny," ary ny hoe ny tanjon'ny demokrasia matanjaka sy salama tsara dia ny "hametraka ny rariny, hiantoka ny fahatonian'ny isan-tokatrano, hiaro ny firenena iray manontolo, hanabe voho ny hasoam-piainan'ny besinimaro, ary hanao izay hahazoana migoka fitahiana entin'ny fahafahana ho antsika sy ny taranantsika." Koa ankehitriny àry, dia indreto isika miara-mankalaza izay rehetra vitantsika tao anatin'ny fiaraha-miombon'antoka nandritra izay 151 taona izay, niantomboka tamin'ny fahatongavan'Andriamatoa John P. Finkelmeier, Responsable Consulaire voalohany tonga teto Madagasikara. Ankehitriny koa isika dia mankalaza ny asa vitan'ny USAID niaraka tamin'ireo vondrona Malagasy sy iraisam-pirenena mpifanome tànana aminy.

*Isambilo*

## TONONKALO

### Ireo mahaleotena sy tsy miankina

Firifiry ireo mitonona fa hoe mahaleotena,
Saingy raha ny zava-misy dia tsy izany velively.
Vao miraraka ny vola dia indreny fa jambena,
Very ilay mba toetra tsara maha olona modely !

Solombava hoe tsy miankina, na koa mahaleotena,
Kanjo velively teo dia niofo ho hery vaovao.
Miharihary tsotr'izao ny tsy fananam-pahendrena:
Lasa fomba amam-panao ny famadiham-palitao !

Birao lazaina hoe tsy miankina na koa mahaleotena,
Hanohitra ny kolikoly, izay no anton'ny fisiany.
Kanjo hatreto tsisy miova, potika ny firenena,
Tsy voasazy ny olon-dratsy ka manohy manao izay tiany!

Nisy koa komity iray milaza ho mahaleotena,
Hitantana ny fifidianana, hampiseho mangarahara.
Kanjo ireo mpikambana ao, tsy hay na iharam-panerena,
Fa toa tsy afaka mametraka an'izay safidy tsara !

Ary farany amin'ireny ilay komitim-pampihavanana,
'zay noheverina ho tsy miankina, ary indrindra tsy miandany.
Kanjo tena mampisento fa toa olona tsy manana
'lay traikefam-pitandraisana hiatrehana an'izany !

Ireo no olona tsy miankina, ireo no mahaleotena,
Ka dia inona no andrasana amin'ireo ry firenena ?
Na ny olona voafidy na ny olo-notendrena,
Tena mahavaky fo fa mihalany fahendrena !

*SEDERA RAVALISON ( 23-06-18)*

MONDIAL 2018

# Miditra amin'ny 1/8-dalana

Miditra amin'ny 1/8-dalana anio ny Mondial andiany faha-21 izay tanterahana any Rosia amin'izao fotoana. Efa fantatra avokoa ireo ekipam-pirenena 16 hiatrika izany 1/8-dalana izany dia i Uruguay, Portugal, Frantsa, i Argentine, Brezila, Mexique, Belgique, Japon, Espagne, Rosia, Croatie, Danemark, Suède, Suisse, Colombie ary i Angletera. Arak'izany dia raraka avokoa ireo solontena Afrikana, tsy nisy tafavoaka hiatrika izany 1/8- dalana izany. Ireo fandaharan-dalao amin'izany 1/8-dalana izany:

*-Sabotsy 30 jona:*
17h Frantsa- Argentine
21h Uruguay- Portugal
*-Alahady 1 jolay:*
17h Espagne- Rosia
21h Croatie- Danemark
*-Alatsinainy 2 jolay :*
17h Brezila- Mexique
21h Belgique- Japon
*-Talata 3 jolay :*
17h Suède- Suisse
21h Colombie- Angletera

Eo amin'ny 1/4, hikatroka amin'izany ny zoma 6 jolay ho avy izao, izay hivoaka mpandresy amin'ny fihaonana eo amin'ny Frantsa- Argentine sy Uruguay- Portugal. Ny ¼-dalana faha-2 ho tanterahana ny zoma 6 jolay ho avy io ihany, hikatroka amin'izany izay ho tafavoaka mpandresy amin'ny fihaonana eo amin'i Brezila- Mexique sy Belgique- Japon. Eo amin'ny 1/4-dalana ho tanterahana ny sabotsy 7 jolay hihaona amin'izany eo amin'ny 1/4-dalana faha-3, izay hivoaka mpandresy amin'ny fikatrohan'i Espagne- Rosia sy Croatie- Danemark. Ny 1/4-dalana faha-4 ny sabotsy 7 jolay izao ihany : hihaona amin'izany izay hivoaka mpandresy ao amin'ny fihaonana eo amin'i Suède- Suisse sy Colombie- Angletera. Ny 1/2-dalana dia ho tanterahana ny talata 10 jolay sy ny alarobia 11 jolay. Ny lalao famaranana kosa dia hatao ny alahady 15 jolay any Moscou.

*Lita*







*Portugal, Espagne, Danemark, anisan'ireo andrarezina eoropeana.*




## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina sy anana indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany, tsara raha hafangaro amin'ny ovy ihany koa miaraka aminy. Hasion lasary voatabia na karaoty. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba fitsaboana ny areti-nify

Anisan'ny aretina tsy ahafantaran'olona havana ny areti-nify na ankizy na olon-dehibe dia matetika mitondra faisana mihitsy amin'izany. Fanafody nify tena mandaitra ary tsy mihetsika intsony ny areti-nify. Ny antony mahatonga ny areti-nify miverimberina dia noho ny tsy fiborosiana nify rehefa avy misakafo sy noho ny havizanana be loatra eo amin'ny vatantsika ihany koa. Ka ity ny fomba tsotra sady mahomby amin'ny famonoana ireo biby kely na olimanara mpanimba ireo nify ka lasa mampihetsika azy matetika : -alaina ny tongolo gasy na tongololay no hahaizan'ny maro azy dia tsoahay ny hasiny na hisiny miisa 3 ary kikisana atao malemy tsara. Rehefa vita izay dia alaina ilay tongolo gasy efa voakiky tsara iny no atao ao amin'ilay nify loaka na tombaka ka avela ao mandritra ny 20 min na 30 min eo ho eo, izay vao hesorina ilay izy. Tsara marihina fa amin'ny fotoanan'izy tsy maharary iny ianao vao mampiasa azy , noho izany tena tsara raha somary mahazo ranony ilay tongolo gasy izay vao araraka ao anatin'ilay nify marary , ka hatao amin'ny seringue mbola tsy avy nampiasaina vao nividina teny aamin'ny pharmacie no hanaovana azy. Marihina fa raha toa ka marary be ny nifinao dia aza hasiana ilay tongolo efa voakiky io fa manjary lasa mampihetsika ny hozatra indray sady manjary mampivonto ny nifinao ihany koa izany. Tandremo fa tena tsy azo tehirizina intsony ireo ambin' ilay tongolo gasy efa avy nampiasaina fa manjary lasa poizina ho an'ny vatantsika indray izany .

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny momba an'Antananarivo



Ny momba ny tanànan'Antananarivo indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Amin'ny faritra Analamanga no misy azy, amin'ny Faritanin'Antananarivo teo aloha, distrikan'Antananarivo Renivohitra, izay mizara ho Boriboritany 6 sy fokontany miisa 192. Efa taona lasa, 2 200 000 teo no isan'ny mponina teto Antananarivo, ny hakitroky ny mponina dia olona 25 287/ km2. Antananarivo, ny anarany dia avy amin'ireo miaramila 1000 lahy napetraky ny mpanjaka Merina teto tamin'izany fotona izany. Renivohitra ara-politika sy ara-toekaren'i Madagasikara izy. Nanomboka tamin'ny 6 oktobra 2015, Ramatoa Lalao Ravalomanana no ben'ny tanànan'Antananarivo, vehivavy voalohany mitondra ny renivohitr'i Madagasikara, vadin'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana izy. Tamin'ny taon-jato faha-XVII tany ho any no niorina Antananarivo. Notafihan'ny Frantsay izy tamin'ny taona 1895, ka lasa zanatany Frantsay tamin'izay hatramin'i Madagasikara manontolo, nefa mbola renivohitr'i Madagasikara ihany tamin'izany, sy hatramin'izao fotoana.

Jeremia 23: 5-6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Jeremia 23: 5-6 "Indro avy ny andro hoy AHO JEHOVAH izay hananganako RANTSANA marina ho an'izao tontolo izao ka hanjaka IZY sady Hendry. Ary hanao fitsarana sy fahamarinana amin'ny tany. Amin'izany andro izany no hamonjeny ny zanak'olombelona ka handry fahizay ny tany. Ary toy izao no Anarana izay hanononanareo AZY: JESOSY MPANJAKANTSIKA, ary IZAHO kosa hotononinareo hoe : JEHOVAH FAHAMARINANTSIKA."***

Ry mpamaky sy mpihaino zanako isany. Indro ho avy tokoa ny fotoana izay tsy maintsy anekenareo fa JESOSY no MPANJAKA ary IZAHO no JEHOVAH. Ry olombelona o! sy izay mandray ny TENIKO. Misaotra anareo tokoa fa tena mamaky Baiboly sy mankato tokoa ianareo, misaotra betsaka e!Fa ity mba misy tiako hambara kely aminareo sy fanontaniana ka dia IZAHO ihany no hamaly anareo. Hono ho'AHO??? An'iza ny Baiboly? AHY JEHOVAH. Tantara sy fiainan'iza no voasoaratra ao anaty Baiboly??? ASA nampanaoviko ireo mpanompoko rehetra tany aloha dia nosoratana sy noraiketina an-tsoratra mba tsy ho very na tsy hotsaroana. Moa ve tsy toy izao tonga eo aminareo izao ihany??? Izay nampanoratina dia fitaovako JEHOVAH fotsiny ihany. Tsy izy akory no JEHOVAH fa fitaovana toy ny rehetra ihany. Zava-doza izany misandoka AHY sy ny voninahitro izany. Marina tokoa ny teninareo manao hoe: Apokalypsy 22: 18-19 "*Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity : Raha misy manampy ireo, Jehovah Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra eto amin'ity boky ity ho azy, ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ity bokin'ity famianiana ity dia hesorin'I Jehovah Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina dia izay zavatra voasoratra eto amin'ity boky ity*" Fa izao : AHY ny TENY, AHY ny BAIBOLY, manana fahefana amin'izay nolazaiko AHO , ary IZAHO irery dia IZAHO JEHOVAH irery tokoa. Afaka manala AHO, afaka manampy ary afaka manamboatra koa! Fa raha ianareo no manao izany dia loza tokoa no miandry. Avelao hiasa izay ataoko fitaovana fa maika hamonjy anareo olombelona AHO. Ny mahavoa anareo dia izao: tia miady hevitra, mifampiandriandry, mifanondrotondro, mifanilika, mifampiandry kendritohina, tsy mifampihaino, samy te ho lohany amin'ny ASANY sy ny ANDRAIKINY avy. Hany ka raha mba mampiasa olona AHO dia tsy zakanareo, tsy anaty fianakaviana, tsy eny an-tanàna misy anareo eny, tsy any amin'ny toeram-piasana, tsy any anaty fikambanana, tsy any am-piangonana, tsy any anaty fitondram-pirenena sy ny fitantanana fa ny zava-misy??? Mitady olona hafa firenena mandrakariva fa tsy mifampatoky, tsy afaka miray sy mifankatia fa velona ny fialonana sy ny fanaratsiana dia hitan'I losifera ny fahalemenareo. Tsy mahita vahaolana mihitsy ny olona sy ny firenena toy izany ka dia very andro, lany fotoana eo kanefa ny ora dia mandroso ihany. Faly ny fahavalo dia I losifera e! tsy reraka mihitsy AHO JEHOVAH mbola manafatra hoe : Ry olombelona! Miharatsy anie izao fiainanareo izao e! Aza mifanondrotondro, aza mifanaratsy fa samy diso daholo izay monina ambany masoandro tsy an-kanavaka. Diniho anie ny zava-misy atrehinareo isam-pirenena e! ady, loza, aretina, fahakiviana, fifamonoana, fandringanana, fifanilihana, fifankahalana, fitaka sy lainga ary dia sahinareo olombelona mihitsy no miala amin'ny "fahamarinana" izay avy AMIKO JEHOVAH ka dia mamorona LALÀNA avy amin'ny sainareo sy ny fahalalanareo ianareo, ireny anefa dia miteraka ny adin'ny firenena samy firenena, anangananareo "fanjakana" hiady amin'ny FANJAKAKO ary ataonareo izay tsy hitsanganan'izany ka tadiavinareo ny HEVITRA rehetra. Aza hadino fa izany no hiteraka FAHAVEREZAN-KEVITRA eo aminareo ary fahaverezan-kevitra mankany amin'ny FAHAPOTEHANA sy FAHARAVANA. Rehefa ireo no tonga dia reraka ianareo. Inona no fiafarany??? FAHAFATESANA. Noho izany an! Aza variana miady hevitra sy mifanameloka toy izao ianareo fa ny fanafodin'ny zanak'olombelona dia FIVERENANA AMIKO, FIBEBAHANA, FIFAMELAN-KELOKA, FIFANKATIAVANA ary FIRAISAN-TSAINA. Izao no hafatro JEHOVAH aminareo, aza mamorona LOZA hamono sy handringana anareo. Tiako ho fantatrareo izao teny sy fahitana nampitondraina sy nampahitana an'I Joela izao, vakio Joela 2: 1-3. Izany no tokony ho fantarinareo fa aza variana mifanameloka intsony ary na zovy na zovy na iza na iza tsy misy mahatanty izany afa-tsy izay mino sy manaiky ny Teniko ary izay miomana amin'izay rehetra voalaza sy nambara. Inona moa no mahamaika anareo hamantatra ny mpanoratra na izay ataoko fitaovana? Ny maika dia izao : "mba ho tonga eo aminareo faran'izay haingana ny TENIKO fa antomotra izay ho avy, ary maika ho avy hamonjy anareo zanak'olombelona I JESOSY fa izany no antony nanomezako JEHOVAH AZY eo aminareo ankehitriny izao. IZAHO manambara AZY ary hametraka AZY ho MPANJAKAN'NY TANY izay vao hilamina izao tontolo izao. Ary rehefa voapetrako eo amin'ny FIANDRIANANY IZY dia IZY (JESOSY izany) indray manambara AHY sy ny FANJAKAKO, ny FIAINANA mandrakizay, ny HELO ary indrindra fa ny FITSARANA LEHIBE. Ka noho izany, IZAHO tadiavina sy fantarina fa aza mitady sy mamantatra olona toa anao fa ny mba hahatonga anareo tsirairay avy ho fitaovako fa samy ampiasaiko avokoa rehefa matahotra AHY sy manambara an'I JESOSY sy ny FIHAVIANY indray. Na iza izany na iza dia aoka ho FITAOVAKO fa IZAHO tsy mba miangatra na mifidy tavan'olona toa anareo. Mila olona mihitsy AHO hataoko fitaovana handaminako ny TANY fa raha izao zava-misy hitako izao dia hifandringana am-pitoerana eo ianareo. Tsy maintsy raisiko JEHOVAH ny tany ary averina AMIKO avokoa ny zava-drehetra sady AHY koa izany e! Ry mponin'ny tany o! aza miady AMIKO, aza mifandany AMIKO ary aza mankahala izay ampiasaiko fa mifanampia sy miaraha-miasa haingana fa avelao any ny TSIKERA fa sady tsy mahasoa izany no mahaela ny TENY FIKASANA.

Amen!

HALELOIA!

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

CUA

# Tokony ho eny ambony talantalana avokoa ny zavatra amidy

Vinan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana ny fanatsarana hatrany ireo tsena misy eto an-drenivohitra. Mba hialana amin'ny gaboraraka sy ny tsy ara-dalàna rehetra eo anivon'ny tsenan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, sy ho fitandroana ny fahasalaman'ny mpanjifa dia hisy ny fandaminana hentitra izay hapetrakin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tapaka fa tsy maintsy mampiasa « étale » na talantalana, na latabatra ny mpivarotra tsirairay avy na ny mpivarotra isan'andro izany, na ny isan-kerinandro. Ny mpivarotra mandoa vola amin'ny kaominina dia mila manana « ticket » na tapakila ary tsy maintsy tehirizina fa misy ny fisavana isanandro. Hisy ny "Guichet" hajoro isaky ny Boriboritany voatokana handoavan'ny mpivarotra vola sy hakana ny tapakila. Ankoatr' izay dia tsy maintsy manadio ny mpivarotra alohan'ny hivarotany sy ny hodiany isan'andro . Ny CUA dia manentana antsika mpivarotra rehetra mba hanaraka ny fandaminan' ny kaominina. Raha misy ny fanampim-panazavana mikasika izay dia afaka manatona ny tompon'andraikitra eny anivon'ny tsena ny tsirairay avy. Mahakasika izany dia hisy ny fepetra henjana izay ampiharin'ny kaominina amin'ireo tsy manara-dalàna. Marihana fa efa nisy ny fidinana ifotony izay nataon'ny kaominina amin'ireo fanentanana ireo mpivarotra, izay natomboka tetsy Mahamasina .



*Tsy eken'ny CUA intsony ny fivarotana amin'ny tany toy izao.*

***Aly***

CUA

# Manohy ny fanadiovana faobe tao aorian'ny fetim-pirenena

Manohy ny fanadiovana faobe tao aorian'ny fetim-pirenena ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Efa asa andavanandron'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA) ny fanadiovana ny tanàna. Anisan'ny tena anton' asan'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo ny fanadiovana ny tanàna; ka nitohy omaly maraina ny fanadiovana faobe izay nataon'ny CUA, ny mampiavaka an'ity indray mitoraka ity dia tsy maintsy natao izay fomba rehetra namerenana tamin'ny laoniny ny fahadiovana taorinan'iny fetim-pirenena iny. Nisy araka izany ny fanentanana ireo mpiasa rehetra teo anivon'ny CUA, nifanampy sy nifanolo-tanana, nanatanteraka izany fanadiovana izany satria nahatsapa tokoa izy ireo fa manana adidy sy andraikitra, ary ny fahatsapana fa zava-dehibe tokoa ny fahadiovana. Anosy, Mahamasina sy ny manodidina no nosafidiana manokana tamin'ity omaly ity satria noho izy feno mpivarotra sy itoeran'ny loto. Anisan'ny tafiditra tamin'ny fanadiovana faobe izao ihany koa ny fanabeazana ireo mpivarotra mba hanaja ireo fepetra rehetra mifandraika amin'ny varotra momban'ny fandaminana sy fahadiovan'ny entana sy ny sakafo izay varotany. Niitatra nankany amin'ny RN7 sy RN1 ka hatrany amin'ny CENAM ny fanadiovana satria tafiditra ao anatin'ny fiadidiana ny tanànan'antananarivo ireny toerana ireny. Tafiditra indrindra tao anatin'ny fanadiovana faobe ihany koa ny fanadiovana natao teny amin' ny toby fiantsonan'ny fiara Fasan'ny Karana afak'omaly maraina, ka ny ekipan'ny ESA na ny "Équipe Spécialisée en Assainissement" no nisahana ny fanadiovana.

***Isambilo***

Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Droit administratif** : Ilazana ny fitambaran'ny fitsipika mamantra ny adidy sy ny andraikitry ary ny zo an'ny raharaham-panjakana. Mbola voakasika koa ny fitsipika momba ny fandrindrana ny fiasan'ny vondrom-panjakana samihafa.

**Droit divin** : Finoana apetraky ny olona fa ny loharanom-pahefana dia avy amin'Andriamanitra. Tamin'ny faha mpanjaka dia nino ny mponina fa ny zanahary no nanome ny fahefana an'ireo mpanjaka nifandimby teto Madagasikara.

**Droit de grève** : Zo ahafahana mitokona. Voafetra ny lalàna ny zo sy ny fahalalahana mitokona.

Droit international : Lalàna iraisam-pirenena. Misy karazany roa ny lalàna iraisam-pirenena : ny lalàna iraisam-pirenena misahana ny tsy miankina sy lalàna iraisam-pirenena misahana ny raharaham-panjakana iraisam-pirenena. Ny lalàna iraisam-pirenena no mamantra ny fifandraisana eo amin'ny firenena samihafa sy ny fifandraisan'ny firenena sy olona tsotra. Momba ny vondrona iraisam-pirenena.

**Droite ( parti de )** : Antoko Ankavanana. Ilazana ny antoko manana firehan-kevitra liberaly, mikatsaka ny fahalalahana aratoekarena sy indrindra ny momba ny fandraharana. Araka ny tantara dia ny antokon'olona mpanao pôlitika liberaly izay nipetraka teo ankavanan'ny filohan'ny antenimieram-pirenena tany Frantsa no nahatonga ny fampiasana an'io teny io.

**Droits civiques** : Zo amin'ny maha olom-pirenena.

**Droits de l'homme** : Zon'olombelona izay voafaritra tao amin' ny Fanambarana ny zo maha olombelona navoakan'ny Firenena Mikambana tamin'ny 10 Desambra 1948.

**Droits sociaux** : Zo hananan'ny olom-pirenena momba ny mety fanampiana ny mponina.

**Dutch desease** : Krizy ara-toekarena nahazo an'I Holandy vokatry ny fihenan'ny famokaran'ny indostria sy ny varotra noho ny fidiran'ny dôlara be loatra azo avy amin'ny fanondranana diso tafahoatra ny akora fototra an-kibon'ny tany : solika, sy gazy tamin'ny taona 1970 sy 1980. Ny fiakaran'ny sandambolam-pirenena dia nampihena ny fanondranana ny vokatra hafa. Niteraka ny fitomboan'ny tsy an-asa izany tany an-toerana.

**Dyarchie** : Diarisia. Avy amin'ny Teny grika fohiny dy sy archia; ilazana rafim-pitondrana manana mpitondra roa mitovy lenta ary samy manana andraikitra mazava voasoritra ao amin'ny Lalam-panorenana. Ny Fiara-mitantana any Frantsa raha sendra ny "cohabitation" dia ahitana Filohan'ny Repoblika sy Praiministra miara- mitantana na dia tsy mitovy firehan-kevitra pôlitika aza. Ny Lalàm-pirenena amin'ity Repoblika faha 4 malagasy ity dia manaiky fitantanana diarisika.

***Fetra Ramamonjy***

ANJIAJIA-AMBATOBOENY

# Zandary roa novonoina tamin'ny feno mahatsiravina

Feno habibiana sy nahatsiravina no namonoana ireo zandary roa tany Anjiajia Ambatoboegny tamin'ity herinandro ity. Lavo amperinasa, novonoina tamin'ny fomba feno habibiana i Jaomaro, 48 taona sy Randrianirina Zo, 30 taona, zandary nanao fanarahan-dia omby very rehefa nifanandrina tamin'ny dahalo tany amin'iny faritra Boegny iny. Ahiana ho ekipan'ireo Jamà, izay karamaina hiambina tanàna na olona manana



Ireo zandary roa niharan'ny habibiana.

omby any ambanivohitra, no namono nahafaty ireo zandary roa ireo. Ny Jamà no mampiasa antsy lava rehefa miasa. Nahitana dian'antsy lava anefa teny amin'ny vata mangatsiakan'ireo zandary roalahy, ka izay no heverina ho porofo iray ilazana fa izy ireo no mety namono ireo zandary tany Anjiajia ireo. Mbola mitohy ny fanadihadiana ataon'ny zandary hamantarana ny marina momba ity vono olona mahatsiravina ity.

**Ny Valosoa**

Mpampianatra ao Vakinankaratra

# Hanao hetsika goavana amin'io herinandro io

Raikitra ary mbola mitohy ary hihamafy ny fitokonan'ny mpampianatra ao Vakinankaratra ao, na nisy aza ny antso avo nataon'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra, niantso ny mpampianatra hiverina hampianatra. Namaly bontana izany ny sendikan'ny mpampianatra ao Vakinankaratra ka nanambara fa : "Ataovy tonga any am-paosin'ny mpampianatra avokoa, tahaka ny natao tamin'ny mpitatitra aloha ny tombontsoan'izy ireo dia hiverina hampianatra ihany koa izahay", hoy ireo mpampianatra. Nidina an-dalambe tao Antsirabe ny andron'ny Zoma 29 Jona teo, niala teo amin'ny biraon'ny Dren nihazo ny biraon'ny Cisco, saingy tsy nahita mpiasa tao intsony, ka nanao fanambarana fa hanao hetsika goavana amin'io herinandro miditra io izy ireo. Nambaran' Andriamatoa Raparison Antsamahery, mpitondra tenin'ireo sendikan'ny mpampianatra fa mbola fampanantenana poak'aty no nataon'ny Praiministra ka raha tsy mivaly sy azon'izy ireo izany tsy hampianatra izy ireo. An'ny tompon' andraiki-panjakana, manomboka amin'ny filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra ny tsiny satria izy ireo no tsy mamaly ny fitakian'ny mpampianatra, fa ny an'ny hafa efa voavaly avokoa. Hanao hetsika goavana, hidina an-dalambe izy ireo ny herinandro hiditra io mba ho fanta-bahoaka ny fitakiana ataony, raha mbola manampin-tsofina ny fitondram-panjakana. Efa mananika ny faha-3 volana izao ny fitokonan'ny mpampianatra tao Vakinankaratra ary efa manangam-bovona tanteraka ny ray amandreny nohon'ny tahotry ny tsy hisian'ny fanadinam-panjakana. Marihina fa hisy fandraisana anarana ataon'ireo mpitarika ny fitokonana ho an'ireo mpampiantra tsy tonga amin'io hetsika goavana io.

**Solohery**

Minisitry ny fanabeazana

# Tsy mahavaha olana, mila esorina haingana

Hatreto dia mbola tsy miverina mianatra ireo mpianatra amin'ny sekolim-panjakana toy ny EPP, CEG ary LISEA. Mbola manohy ny fitokonany ireo mpampianatra ary milaza ny tsy hiverina hiasa mihitsy raha tsy voavaly ny fitakiany. Etsy ankilany anefa dia toa tsy miraika sy tsy vonona hihaino izany mihitsy ny minisitry ny fanabeazana vaovao Horace Gatien. Toa fihetsika feno avona aza no nasetriny ny fangatahan'ny mpanabe. Raha jerena dia tsy vonona ny hihaino ny fangatahana akory ny lehilahy. Mazava fa tena mpanao politika mpitady seza fotsiny ity voatendry ity, ka tsy misaina afa-tsy izay hahabe nangy sy takolaka azy angamba. Azo hamarinina izany tamin'ireo lalana efa nolalovany teo amin'ny tontolon'ny fanabeazana sy ny fahaizany miova loko, ka rehefa niala tamin'ny mena dia nivadika volom-boasary ary ankehitriny dia manga indray. Tsy mamiratra ny lasany teo amin'ny andraikitra notanany tamin'ny fanabeazana fototra sy ambaratonga faharoa. Tsy hita izay nafitsony raha nivadika tampoka tao amin'ny sehatra teknika. Ary mahakivy ny fihetsiny raha vao nandray ny toerana ho minisitry ny fanabeazana indray izy. Ho an'ny ray amandreny sy ny mpianatra dia ny fandrenesana faran'izay haingana indrindra ny hoe : rahoviana no hiverina hianatra ny mpianatra ary rahoviana ny fanadinam-panjakana ?

Izany izao no maika indrindra aminy satria nisy no efa nandoa sarampianarana hatramin'ny folo volana hatreto, ka raha sanatria mbola hiampy ho lasa 11 volana indray dia tena tsy ho zaka intsony. Ho an' ny mpampianatra kosa ny mahadodona azy dia ny handre hoe nekena ve ny fangatahana marobe nataony momba ireo tambin-karama tsy azo, sy ny tombontsoa tokony ho azony nefa odian'ny fanjakana bemarenina hatramin'izao ? Hatreto dia tsy manana vahaolana ho amin'ireo ny minisitra sady tsy manao ezaka hamahana haingana izany olana marobe izany, koa ny tsotra sy tsara indrindra dia ny manala haingana ny olona toy izany fa ho potika tanteraka ny fanabeazana eto Madagasikara raha mbola hijanona na dia herinandro fotsiny eo amin'ny sezany aza io minisitra io. Raha izao mantsy no mbola hitohy na dia herinandro aza dia ahiana ny haha taona fotsy ity taon-tsekoly 2017-2018 ity.

**Ny Valosoa**

TONONKALO

## Ry Mpitondra Bemarenina o !

Aiza ianao no hahita vola homena iretsy mpanabe,
Satria nandrasana hivangongo ireo karazam-pitakiana ?
Moa i Madagasikara no kasaina hamidy ve ?
Sa mbola hisambo-bola indray f'izay no hampisy fitoniana ?

Iretsy mpianatra, jereo, tsy vitsy no mirenireny,
Tsy marisika intsony f'efa maro no nijanona,
Tsy azony antenaina intsony ny filoham-pireneny,
Ny sekoly raha izao dia tsy hamokatra olom-banona.

Iretsy ray sy reny maro, lany vola tamin-janany,
Toa misento sesilany, very ny fanantenàny !
Tena maizina tanteraka ny hoavin'ny taranany,
Fa mpitondra tsy mahomby no mikiribiby hatrany.

... O ry hery vaovao o ! nopotehinao tanteraka
Ny tontolom-panabeazana eto Madagasikara,
Iretsy mpanabe, jereo, fa efa maina sady reraka,
Koa mialà izao dia 'zao f'izay no mety sy hahatsara.

**DADAN'i ZINA (29-06-18)**

Mpivady tsy nifanambina

# Lasa mpanan-karena tampoka

***Mba hafa indray ity tranga ity. Taona maro no tsy nety nanan-karena sy tsy nifanambina mihitsy izy roa ireto. Tao anatin'ny fotoana fohy monja anefa dia lasa mpanankarena tampoka izy mivady rehefa nahazo fikarakarana manokanaa teny amin'i Madame Noelah.***

Toy izao ny fandehan'ny tantara: mpandraharaha izy mivady ireto. Salama tsara izy roa, fa tsy nety nahazo harena mihitsy nandritry ny 10 taona be izao fa sasatry ny miarina foana. Efa niteraka izy roa ary efa nanana zafikely mihitsy aza. Sasatry ny miarina foana anefa izy roa satria izay rehetra atao dia tsy mety avokoa, ary ny eo an-tànana no manaraka. Sendra ny vinanton'izy mivady no nanazava taminy ny zavatra nahazo ny namany satria mitovitovy tranga amin'izy mivady ireto no nanatona teny amin'i Madame Noelah teny amin'ny 67 Ha atsimo no nahazo izay niriany sy tafita rehefa nokarakaraina. Teo no naha-resy lahatra azy mivady ka nanatona teny aminy rehefa azo antso tamin'ny 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ilay mpitsabo.

**Namboarim-bintana izy mivady vao tafavoaka**

Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity izy mivady dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Samy tsara vintana ianareo mivady hoy izy fa tsy mifanambina fotsiny. Tsy maintsy amboarina arak'izany ny vintanareo hoy izy raha te-ho tafarina sy ho lasa mpanefoefo satria tsy misy nateraka ho mahantra izany fa misy zavatra ahitsy fotsiny ao. Nokarakarain'ity mpitsabo ity izy mivady, narenina ny vintany ary nomen'ilay mpitsabo toromarika izy mivady. Niverina nody izy roa ary gaga taorian'izay satria fotoana fohy taorian'izay dia niverina niroborobo ny fandraharahan'izy roa, niditra ny vola ary niverina amin'ny laoniny ny fiainan'izy mivady. Fotoana fohy taorian'izay dia lasa mpanefoefo tanteraka izy roa ary foana teo ny olana teo amin'izy mivady satria afaka ny olana noho ny "pouvoir" manokana nananan'ity mpitsabo ity. Maro ireo mitady fahasoavana eto amiko hoy ilay mpitsabo toy ireo manana olana ara-tokantrano, ara-panambadiana, fiaraha-monina, fianakaviana sns... fa nahazo izay iriany sy tadiaviny rehefa nokarakaraina. Tsy ireo ihany hoy izy, fa ireo tratry ny aretina tsy fanta-pototra, mosavy, aretina tsy hita fanafana, tolaka sy mosavin'olona, sns... dia sitrana avokoa rehefa nahazo fikarakarana manokana teto amiko. Mandray olona isan'andro hoy ilay mpitsabo izy ary tsy mifidy sarangan'olona, na firehana, na finoana fa izay tonga manatona ety amiko dia sitrana sy mahazo ny faniny avokoa rehefa voakarakara.

**Ny Akama**

Fampianarana sy fahasalamana

# Namoaka mpianatra nahavita fiofanana indray ny Inspafort

Ivon-toerana fampiofanana mpitsabo sy mpampivelona ny Inspafort Faradofay. Tsy hoe nahavita fotsiny fa nonolotra teo imason'ireo mpanadina ny asan'izy ireo mpiofana. Tao amin'ny Hotel Le Port no nanatontosana azy. Misy 59 mianadahy izy ireo. Andiany faha-02 ireto tanora nahavita ny fianarany ireto, ary mitondra ny anarana hoe Antso ity tarika indray mihira ity. Antso : midika ho Asa Nosafidianiko, Tiako ny ahasalama ny olona (vocation) araka ny nambaran'ingahy Rateever Rodelino Jean Leon, Filoha Tale Jeneralin'ny Inspafort (PDG). Ny 04 ka hatramin'ny19 jona no nanatontosana ny fanadinana natrehin'ireo mpampianatra sy ireo mpanabe. Amin'ny ankapobeny, saika nahazo naoty tsara na mention ireo tanora, nanaporofo ny maha mpitsabo sy mpampivelona azy. Raha vao vita ny fanadinana dia havoaka amin'ny fomba ofisialy ao amin'ny efitrano malalaky ny kaomina ambonivohitr'i Fort Dauphin ireo mpianatra reharehan'ny ray aman-dreniny ireto. Lanonana hatrehin'ireo olo-manan-kaja sy ny fianakaviamben'ny fahasalamana. Nohamafisin'ny filoha tale jeneraly ny ivotoeram-piofanana, fa anisan'ny manara-penitra afaka milahatra sy mifaninanana amin'ireo ivon-toeram-piofanana hafa ny mpianatra nivoaka tao amin'ny Inspafort.

**Mangarahara**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**23/06/18 hatramin'ny 30/06/18**

- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/ 020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 36 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 782-06-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso rahatsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TETIBOLA NASIAM-PANITSIANA**

# Tsy hita taratra ny fitakian'ireo sendika

Nandalo naka vaovao mikasika ny LFR na ny volavolan-dalànan'ny tetibolam-panjakana nasiampanitsiana teny amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena ireo sendikalista. Noteren'izy ireo hifanatrika taminy ny Praiministra Ntsay Christian raha handeha hamonjy ny famaranana ny fivoriana ara-potoana. Rehefa naharay ny tatitra avy amin'ireo depiote TIM izy ireo ka nahalala fa solombavambahoaka 34 no nandany ny LFR



dia nanapa-kevitra, fa mitohy ny tolona sendikaly. Tsy nisy hita taratra tao anatin'ity tetibola nasiam-panitsiana ity rahateo ny famahana ny olan' izy ireo. Eny amin'ny 13 mey ny fotoana nifanomezan'izy ireo ho an'ny anio sabotsy 30 jona ary ny alatsinainy 2 jolay, ankoatran'ny tolona atrehin'ny sendika tsirairay, dia hisy solontena irai-san'izy ireo hihaona amin'ny Praiministra eny Mahazoarivo.

***Helisoa***

Rio-Tinto/QMM

# Sakan-dalana niteraka fisamborana olona

Sakan-dakana niteraka fisamborana olona tany Faradofay. Teo am-panaovana sakan-dalana ireo mpiasan'ny Rio-Tinto/Qmm, ireo mpitolona mbola manana tany tsy voaloan'ity orin'asa ity no voasambotra. Efa ho amam-bolany no niverenan'ny disadisa eo amin'ity orin'asa ity. Grevy miverimberina... Efa nisy ihany koa fandaminana nataon'ny solontenam-panjakana any an-toerana (fifampiresahana) saingy tsy mbola nisy vaha olana tsy nahitam-bokatra. Tsy manaiky ireo vahoaka, ny orin'asa Qmm tsy te hahalala fa manao azy ho tompon'ny tany : dia ny hoe henoy izany ry hazon-damosina ! Teo am-panakanan-dalana indrindra ireo mpitokona ny takarivan'ny alakamisy teo no nidinan'ireo mpitandro filaminana tampoka. Nisy ny voasambotra ary nampidirina avy hatrany any am-ponja ireo mpitolona ireo. Tsy manaiky ireo mponina, mbola tsy milamina ao Fort Dauphin. Misy mihitsy aza sahy miteny hoe : foano ny Rio-Tinto/QMM, fa manabotry an'i Fort Dauphin.

***Mangarahara***

Andro nasionalin'ny fanjarian-tsakafo

# Hotontosaina ao Antsirabe ny andiany faha-14

Isan'ny faritra mbola hanjakan'ny tsy fanjarian-tsakafo ny eto Vakinankaratra raha mitaha amin'ireo faritra hafa. Manoloana izany dia fantatra fa ho tontosaina ao Antsirabe indray ny hetsika « Andro Nasionaly ho an'ny Fanjarian-tsakafo », andiany faha-14, izay ho tontosaina manoloana ny Gara ny 6 sy ny 7 jolay 2018 ho avy izao. Nomena ny lohahevitra: « Ankohonana sehatry ny fanjarian-tsakafo lavorary, fanoitra ho an'ny fampandrosoana », ity hetsika amin'ity andiany faha-14 ity, izay ny foibem-pirenena ho an'ny fanjarian-tsakafo na ny ONN no tompo-marika amin'ny hetsika mandritra io 2 andro io ary fantatra fa hanodidina ny 80 ireo tranoeva hanaovana ny hetsika, ka ankoatra ny fampahafantarana ny asan'ireo fikambanana maro misehatra amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo dia hisy ny fitiliana manokana ireo reny sy ny zaza tratry ny tsy fanjarian-tsakafo, izay harahina fandraisana an-tanana mitohy any amin'ny Toby PNNC misy azy aoriana. Isan'ny mbola nisafidianana an'i Vakinankaratra hanaovana ity hetsika ity ny mbola fananan'ity faritra ity taha ambony amin'ny tsy fanjariantsakafo mitarazoka eo amin'ny kilonga, izay mbola mahatratra 65,3% izany. Fantatra fa ny lafiny fanabeazana sy fandresen-dahatra no fototry ny olana amin'ny mahatonga ny tsy fanjarian-tsakafo satria saika ny ratsy no mba hanin'ny olona amin'ny vokatra fa ny tsara kosa dia amidy any an-tsena sy eran'i Madagasikara.




*Ny tompon'andraikitry ny ONN any Vakinankaratra.*

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 242




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0241)

***Mitsivalana***
- Mahantra
- Sola (Miv) – Sa
- Heniheny
- Manonofy (Miv)
- Ta – Aba
- Amy – RM
- Ino – Ora

***Mitsangana***
- Mahitsy
- Alefa
- Hono – Ao
- Manisa (Miv)
- Hobio
- Tsena
- Rana – Rà
- Mamy (Miv)

**TENY MIFANARAKA** N° 242




**Mitsivalana**
**1.** Avona **2.** Ao anaty rano – Ambarao **3.** Tompo Tsitoha **4.** Andro maizina – Mpampiray **5.** Tsy sahy niseho, kanosa **6.** Marika (Miv) – Lapan'ny Mpanjaka **7.** Tsy marina (BL) – Tsofoka **8.** Kivy, tsy sahy intsony – Eka **9.** Jamoka – Toetra ratsy (Miv) **10.** Ilaina – Mpanondro toerana

**Mitsangana**
**A.** Taranaka fiavianay – Marina (Miv) **B.** Esory – Aminy **D.** Maneho fofona tsara – Oroka **E.** Zava-maitso maniry – Ao anaty vava (Miv) **F.** Hakelezina **G.** Taraiky – Fia **H.** Fototenin'ny fanaratana – Mikoriana ao anaty **I.** Milaza fananana – Sakafo – Toerana **J.** Fitaovana enti-manadio **K.** Tonga ara-dalàna – Varotana

### Valiny Teny mifanaraka 0241

**Mitsivalana**
1 Mpamosavy 2. (F)ar(a) - Fia (Miv)- As 3. Fitondrana 4. Soka (Miv) - Aina 5. Nanao - Kare 6. Karem(y) 7. Rainay - Eo 8. Ampy - To(o)9. Kama - Aminy 10. Ma (Miv) - Vay - Fay

**Mitsangana**
A. Mifanaraka B. Gaiko - Mama (Miv) D. Mpanatra (Miv) E. Oso - Niov(a) F. Nao (Miv) G. Sida - Kitay H. Afrika - OM I. Fijerena (Miv) J. Ianarea K. Sa - EM - VII

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny hetsika teny amin'ny kianjan'ny 13 mai ny alakamisy teo.










Hetsika nataon'ireo sendika teny amin'ny Antenimierampirenena Tsimbazaza omaly.









